## Mananjary

## Trano 400 latsaka kilan'ny afo, olona 1000 mahery tsy manan-kialofana 6


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 2 oktobra 2018 Laharana 821 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Matio 19: 13-15** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 30 septambra 2018

**Kandidà Ravalomanana N°25** 2

# Tratran'ny antsojay ny helikôpterany



**Bruxelles, Paris : kandidà Ravalomanana N°25** 2

# Ny marina momba ny fanonganam-panjakana 2009



**CUA** 2

## Manadio tanàna ary manatitra ny fako amin'ny dabam-pako no andraikiny



**Sekretariam-panjakana amin'ny ZP** 3

## Hahazo mpiambina manokana miisa 4 avy ireo kandidà 36

**Sambava** 5

## Tovolahy iray maty tao anaty "violon"

**Barea- Guinée Equatoriale** 6

## Ireo handrafitra ny ekipam-pirenena Malagasy

**Daka kely**

Tsy ho «sans qualité» toa an' ialahy ny tanora ry Boaikely a !

**Ambatomaro boriborintany V** 2

## Asa tonga dia vavany hatrany ny an'ny FOKOTIM



BRUXELLES, PARIS : KANDIDÀ RAVALOMANANA N°25

# Ny marina momba ny fanonganam-panjakana 2009

Rehefa avy nitety faritra maro teto Madagasikara ny kandidà Marc Ravalomanana N°25 dia niresaka tamin'ireo mpiray tanindrazana amintsika mipetraka any Eoropa, nanazava mazava izy ny anton-diany tany, dia : mandalo fasahiranana mafy ankehitriny ny tontantrano Malagasy, iray lehibe amin'izany ny tsy fahampian-tsakafo, io no adidy lehibe voalohany miandry ahy ka nihazakazahako tao amin'ny Vondrona Eropeanina, hoy i Dada, nitondrany ny fandaharan'asany amin'ny hanampian'izy ireo antsika mahakasika izany, nahoana hoy i Dada no omenareo vola 2 euros isan'andro ireo mpitsoam-ponenana maneran-tany mba hihinanany sakafo, fa mba misiaá ianareo mandeha any aminay mijery ny zava-misy marina any fa maro ny olona tsy misakafo, indrindra fa ny any amin'ny faritra atsimo.



*Ireo Malagasy mipetraka any an-dafy, nihaona tamin'ny filoha Marc Ravalomanana tao Paris ny sabotsy teo.*

Tsy niandry ela ny tompon'andraikitra ny Vondrona Eropeanina fa nandefa olona hijery izany maika.

Ny mahakasika ny fandriampahalemana dia nambarany mazava fa rehefa misakafo ny olona dia mihena be ny tsy fandriampahalemana, satria nohon'ny fahantrana misy ao amin'ny tokantrano no mahatonga izany.

Simba tanteraka ny lalana rehetra eto Madagasikara, tsy maintsy haverina hamboarina izy ireny.

Maharary ahy mafy hoy ny Filoha Marc Ravalomanana ny mahita ireo ankizy tsy miditra an-tsekoly, izay rehetra nanontaniako hoy izy dia milaza fa nohon'ny tsy fahampiana no mahatonga izany, tsy handroso mihintsy ny firenena rehefa tsy mahay ny olona ao aminy, tsy maintsy ary tena tsy maintsy hampianarina ny zanantsika Malagasy.

Nanazava mahitsy izy, fa izy dia niharan'ny herisetra ara-batana tamin'ny fanonganam-panjakana tamin'ny taona 2009 ireny. Efa mijoro aho izao hoy izy, fa ny tena voa mafy dia ny vahoaka Malagasy, n'inona hazavaina ankehitriny fa hoe tsy "coup d'etat" dia diso, izaho mihintsy hoy i Dada no nahita an'i Norbert Lala nanova ny Zavatra nosoratako, ho avy ny fotoana tsy maintsy hanazavana ny zavamarina rehetra mahakasika iny. Voasazin'izao tontolo izao i Madagasikara noho ilay "coup d'etat", ary ny vahoaka no mandalo fasahiranana mafy, nohon'ny fitiavan-tenan'ny hafa. Ankoatra izany, vita ny MAP 2 ary nentina tamin'ireo mpamatsy vola, tsy hoe rehefa tonga eo vao hitady vola, fa izao no fotoana fanaovana izany hoy ihany i Dada.

***Isambilo***

FOKOTIM Ambatomaro boriborintany V

# Asa tonga dia vavany hatrany

Vory lanona tao Ambatomaro ny sabotsy teo ireo mpikatroka Tiako i Madagasikara (TIM), ao amin'ny fokontany Ambatomaro boriborintany faha-5, notarihan'ny biraon'ny FOKOTIM ao an-toerana, sy ny filoha lefitry ny DISTIM Nina Rabetsialisaona, mpikatroka avy ao amin'ity fokontany ity hatramin' izay. Tonga nanotrona ny fotoana tamin'izany ny filohan'ny DISTIM boriborintany faha- 5 mpisolo toerana, Zouf Jacques. Nitondra ny hafatra sy ny toromarika ho an'ireo mpikambana Tiako i Madagasikara ity farany amin'izao ankatoky ny fifidianana filohan'ny Repoblika izao.



Nandritra ny fivoriana no nanamafisan'ny mpikambana rehetra fa tsy miova ny birao hitantana ny FOKTIM ao Ambatomaro fa avy hatrany dia miasa hampandresy ny kandida, filoha Marc Ravalomanana N°25. Nanome toky ny filoha Lefitry ny DISTIM, Nina Rabetsialisaona fa Ambatomaro efa vonona hatry ny ela hampandresy an'i Dada. Efa niharitra ny mafy loatra izahay hoy izy nandritra ny fanonganam-panjakàna teto Madagasikara ny taona 2009, ka tonga izao ny fotoana hametrahana ny filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena indray. Dada ihany no vahaolana hanarina ity firenena ity hoy ramatoa Justine: tamin'ny fitondràny izahay hoy izy niaina am-pilaminana, afaka nianatra ny zanakay, afaka nisakafo na vola kely aza no teo am-pelatanana, mila miverina hitondra ny firenena ny filoha Marc Ravalomanana hoy izy. Nofaranana tamin'ny fiaraha-nisakafo ny fotoana mba ho mariky ny nofonkena mitam-pihavanana hoy Nina Rabetsialisaona, tompomarika tamin'izao fihaonan'ny TIM tao Ambatomaro izao.

***Helisoa***

CUA

# Manadio tanàna ary manatitra ny fako amin'ny dabam-pako no andraikiny

Mandeha indray ankehitriny ny resaka fako, atao resaka politika mihintsy izany handotoana ny ben'ny tanànan'Antananarivo (CUA), Lalao Ravalomanana sy entina handemena ny sain'ny olona tsy ho tia ny kandida laharana faha-25, MarcRavalomaana. Ny asa fanadiovana ny tanàna dia efa asa andavanandron'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, vita ny asany manatitra ny fako eny amin'ny



*Ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanànan' Antananarivo, kolonely Ramboasalama Emilien.*

daban-jaoridira, ny mpiasan'ny Kaominina sy ny RF2 na ny Rafitra Fidiovana sy Fahadiovana, araka ny fanazavana nataon'ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanànan'Antananarivo, ny kolonely Ramboasalama Emillien. Nambarany tamin'izany fa in-3 isan'andro no manadio tanàna ny mpiasan'ny kaominina, manomboka amin' ny 5 ora maraina, miverina avy eo amin'ny 10 ora maraina, ary ny tolakandro amin'ny 3 ora any ho any. Na mampalahelo anefa, lasa ny mpanadio dia tong any maty eritreritra sasany mandoto, ka mbola hanentanan'ny kaominina ny rehetra hitandro hatrany izay fahadiovana izay, fa mafy tokoa ny asan'ireo mpanadio tanàna ireo hoy izy.

***Isambilo***

**Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11,505 44 ; 033 24 783 65**

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Kandidà Ravalomanana N°25

# Tratran'ny antsojay ny helikôpterany

Fifidianana eken'ny rehetra sy ara- demokratika tsara, no dradradradrain'ny mpitondra fanjakàna hatao eto Madagasikara, amin'ny fifidianana filohampirenena ny 7 novambra ho avy izao. Izany no natao hoy ny fanambaràna dia mba tsy hisy intsony ny korontana eto amin'ny firenena aorian'ny fifidianana satria efa ao anaty fahantrana lalina ny firenena, ka mila mpitondra vaovao hiasa, hampitoniana sy hampandrosoana ny firenena. Tsara izany fanambarana izany, saingy tsy araka ny vava miteny ny zavatra hitan'ny olompirenena ankehitriny. Tsy mitovy ny fitondràna ny kandidà, misy ny tombo sy hala, efa misy sahady ny kapa ranjo hoy ny fitenin'ny tanora izay. Ho an'ny kandida Marc Ravalomanana N°25 izao dia tsy afaka mampiasa ny angidimby na ny helikôptera ny tenany hatreto satria misy tompon'andraikitra ambony ao amin'ny fitondram-panjakana sy ny ACM (Aviation Civile de Madagascar) tsy mety manao Sonia ny taratasy fahazoan-dalana hampiasàna izany noho ny antony tsy fantatra, arak'izany, tratra ny antsojay indray koa ankehitriny ny helikôpteran'ny filoha Marc Ravalomanana. Iza moa no minisitera mpiahy io ACM io tsy ny minisiteran'ny fitaterana ve? Koa avy aiza ny baiko tsy ahafahana manasonia io taratasy io izay efa ambolana no nametrahana izany ? Ahoana ihany koa ny hevitry ny CENI sy ny tompon'andraikira rehetra mikasika ny fifidianana amin'izany satria misy ny omena vahana, misy ny mifanohitra amin'izay ? andro vitsy anefa dia higadona ny fampielezan-kevitra. Ny kandida Rajoelina Andry sy Hery Rajaonarimampianina efa mitondra angidimby eran'i Madagasikara, ny filoha Marc Ravalomanana sakanana tsy avela hampiasa, sa Andry sy Hery no tsy maintsy atao izay hahalàny ho filoha azy ry mpitondra isany ? Ho tompon'andrakitra amin'ny tantara ianareo raha toa ka misy sahady ny fitongilanana a !

***Helisoa***

Antoko Fanorolahy

# Manohana tsy misy fepetra ny filoha Marc Ravalomanana

Manohana tsy misy fepetra ny kandida Marc Ravalomanana N°25 ny antoko Fanorolahy, tarihan'ny filohany Randrianary José, amin'ny fifidiana filohan'ny repoblika, amin'ny 7 novambra ho avy izao. Ny kandida Marc Ravalomanana hoy ny mpitondra tenin'ny antoko, Mino Julien no akaikin'ny tantsaha Malagasy, no sady mitsinjo ireo vahoaka madinika any Ambanivohitra. Mbola tsy adino hoy izy ny zava-bitan'ny kandida N°25 tamin'ny fotoana nitondràny amin'ny fahatsaràn'ny lafiny fandriampahalemana. Afaka nivoaka ny vokatry ny tantsaha noho ny fanamboaran-dalana nataon'ny fitondràna Ravalomanana. Noho izany, vonona hanentana ny vahoaka hampandresy ny filoha Marc Ravalomanana ny antoko Fanorolahy no sady hiantso ireo mbola variana hanamarina ny anarany ao anaty lisi-pifidianana ihany koa. Nomarihin'ireo FANOROVAVY tamin'izany ihany koa fa vonona izy ireo hanentana ireo vehivavy toa azy hanohana an'i Dada mba hananan'ny isan-tokantrano fiainana milamina sy voarindra.

***Helisoa***



SEKRETARIAM-PANJAKANA AMIN'NY ZP

## Hahazo mpiambina manokana miisa 4 avy ireo kandidà 36

Ho fitandroana ny filaminana sy fandriampahaleman'ireo kandidà, indrindra ny ain'izy ireo, hahazo mpiambina manokana miisa 4 hiaro azy ireo avy ny kandida filohampirenena miisa 36, izay hirotsaka hofidiana amin'ity fifidianana ity. Izany no nambaran'ny sekreteram-panjakana miadidy ny zandarimariam-pirenena (ZP), ny jeneraly Jean Christophe Randriamanarina. Mpiambina manokana izay nalaina avy amin'ny zandarimariam-pirenena, polisim-pirenena ary ny miaramila izy ireo no hanaraka ireo kandidà amin'ny toerana izay halehany. Nanambara koa ity tompon'andraikitry ny filamianana ity, fa ny mpanara-maso ny fifidianana koa dia afaka mahazo fiarovana mandritra ny fanarahamaso ny fifidianana izay hataony. Tsy dia milamina loatra tokoa ny tany eto amintsika amin'izao fotoana, ka rainy raha hahazo ireo mpitandro filaminana mpiambina ireo ny kandidà tsirairay avy miisa 36.

***Isambilo***



*Ireo kandidà miisa 36, amin'ny fifidianana filohampirenena eto amintsika.*

Fipoahan'ny tobin-tsolika Ambalavato

## Tsy misy fiantraikany amin'ny famatsiana jiro ao Antsirabe

Asa na tsy fahaiza-manao na tandrevaka fa dia saika nidiran-doza tanteraka ny tanànan'Antsirabe ny alin'ny sabotsy lasa teo. Nitrangana zava-doza indray ny tanànan'Antsirabe ny alin'ny sabotsy lasa teo, tokony ho tamin'ny 7 ora sy sasany tany ho any, satria asa na nohon'ny olana ara-teknika na inona fa dia nipoaka vokatry ny hafanana diso tafahoatra ny « Cuve », lehibe miaty 110 m3, fitehirizana ireny menaka mavesatra ireny, tao amin'ny Jirama Ambalavato-Antsirabe. Raha ny fanazavana dia ny fiakaran'ny hafanana be loatra tamin'io fitaovana io no nampipoaka azy ka nipitika tany amin' ny 300 metatra mihitsy ny saron'ilay fitobian-tsolika ary nidedaka nanaka-danitra ny afo, izay tombanana ho hatrany amin'ny 20 metatra no nihoatra tany no any ny lelafo tamin'izany. Ny loza tena natahorana dia mbola nisy fitobian-tsolika maromaro izay nisy « Gas Oil » ihany koa nanodidina teo, ankoatry ity nipoaka ity. Soa ihany raha ny fanazavana fa efa mba tsy be loatra intsony ny tahiry tao anatin'ity nipoaka ity ka niandry ny fitsaharan'ny afo no azo natao. Ankoatra izay dia ny fiarovana ireo fitobian-tsolika nanodidina ihany tamin'ny alalan'ny fampangatsiahana azy tamin'ny alalan'ny fanondrahana rano no natao. Isan'ny olan'Antsirabe hatrany ny tsy fisian'ny fitaovana famonoana afo eto antoerana fa dia ilay trainy be an'ny orinasa Cotona ihany no mba nanao izay vitany teo. Tsy hisy fiantraikany amin'ny famantsian-jiro eto Antsirabe aloha hatreto iny loza iny raha ny fanazavan'ny Talen'ny Jirama Antsirabe. Tsiliantsofina no nahafantarana fa ahiana ho tsy fahafehezan'ireo mpiasa teratany vahiny mitantana ny Jirama ankehitriny no mety ho antony satria izy ireo no nanavao ny milina rehetra tao amin'ny Jirama sy mitantana izany ankehitriny, ka asa na hisy hifandraisany amin'izany izao loza saika namotika an'Antsirabe izao na tsia.

***Solohery***

Fifidianana filohampirenena

## Ny alahady izao no hanomboka ny fampielezan-kevitra

Ny alahady 7 oktobra ho avy izao no hanomboka ny fampielezan-kevitra, na ny propagandy, amin' ny fifidianana filohampirenena fihodinana voalohany eto amintsika. Arak'izany, ity herinandro ity no fotoana farany ho fampahafantarin'ireo kandidà sy ny mpomba azy avy ny kandidà-ny aloha, na ny antsoina hoe fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana. Hipaika ny alahady amin' ny 7 ora maraina, hanomboka amin'izay ny propagandy, ho azo hatao amin'izay amin'izay fotoana izay ny hilaza hoe fidio ny kandidà ranona, satria izao avy ny antony, sns... Tsy hifarana izany fampielezankevitra izany raha tsy ny talata 6 novambra amin' ny 7 ora maraina. Arak' izany ny faradoboka amin'ity fifidianana filohampirenena indray mitoraka ity dia ny alatsinainy 5 novambra. Ho an'ny kandidà N°25, Marc Ravalomanana manokana, araka ny antsapaka tany amin'ny CENI, izy no hamarana ny fandaharana faradoboka ao amin'ny TVM sy ny RNM na ny haino aman-jerim-panjakana amin'io alatsinainy 5 novambra io alina. Tombony lehibe ho azy sy ny mpomba azy izay, fa indrindra ho an'ny vahoaka Malagasy manontolo, satria dia ho voafafany amin'izay avokoa izay rehetra teny hataon'ireo kandidà 35 hafa teo aloha. Na izany na tsy izany, iriana mba ho adin'ombalahin'ny mpianakavy io fifidianana ny 7 novambra ho avy izao io, ka ny maharesy tsy hombiana, ny resy tsy hakoraina. Aoka hanjaka hatrany ny fihavanana Malagasy.

***Isambilo***

Polisy Vakinankaratra

## Nankalaza ny faha- 57 taona nijoroany

Isan'ny nanamarika ny fankalazana ny faha- 57 nijoroan'ny polisim-pirenena ny teto Vakinankaratra. Hetsika tsotra nefa nanana ny lanjany no nentin'ireo Polisim-pirenena teto Vakinankaratra nankalazana io faha- 57 taona nijoroany io, teto amin'ny fari-piadidian'ny polisy teto Vakinankaratra. Nifanotrona ny rehetra, na ny sekoly fanofanana na ireo sampandraharaha rehetra toy ny hery vonjy taitra sy ireo kaomisaria teto Antsirabe. Nanerana ny Nosy ny fankalazana fa raha ho an'Antsirabe dia efa nandritra ny 3 andro no nankalazana izany tamin'ny alalan'ny lalao ara-panantanjahantena no nifaninanana ary ny andron'ny alahady teo, nisy ny fiarahana nihazakazaka nitety an'Antsirabe ary hitohy amin'ny fifampitsidihana ny toeram-piasan'ny sampandraharaha samihafa eo amin'ny samy polisiy izany. Ny loha hevitra niraisan'i Madagasikara manontolo dia ny hoe : « Polisim-pirenena mandala ny fitsipika, antoky ny fandriampahalemana ». Ankoatra ireo dia hisy ny valan-dresaka hifanaovana hanatsarana ny fomba fiasa eto Vakinankaratra. Raha ny asan'ny polisim-pirenena eto Antsirabe sy Vakinankaratra dia azo lazaina fa nahitam-bokany ihany na dia tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy aza ny isan'izy ireo, raha mitaha amin'ny isan'ny mponina, saingy miezaka amin'ny fahafaha-manao amin'ny eo am-pelatanany izy ireo.

***Lezama***

## NY TENY FIAINANA

**Ohabolana 15:7**

*Ny molotry ny hendry mampiely fahendrena; fa tsy mba toy izany ny fon'ny adala.*

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Zava-bitan'ny CUA : miova endrika ny eo am-pitan'ny Pavillon Analakely



**Marie Bernadette Raharisoa** : tena tsara ny zava-bitan'ny CUA, miova endrika ny eo ampitan'ny Pavillon Analakely.

**Andriatahina Banjza Kilda** : iny @ petite vitesse tokony ny antsasaky ny trottoir an mpandeha antongotra, fa mjaly any anaty arabe no mande, fiara tsy miraharaha, efa vita ny lalana, miangavy antanandroa. mifandefitra fa tsy hita eh vokatry ny fahaverezan' asa t@ 2009 noho ny nataon-dry mpanongam-panjakana Andry Rajoelina, zara aza misy varotra atao.

**Annette Rja** : ao tsara e! tokony ho tokanan'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana avokoa amin'izay ireo zava-bitany rehetra.

**Tsiory Rasamison Titus** : tokony tsy hasiana mitsy fa lasa kongorotika le tanàna. ghetto kely be dia be erakin ville . manimba endrika ivelany.

**Fafah Razafindratsima** : tsara kosa eeee, mamaha amin'ny ampahany ny olan'ny mpivarotra amoron-dalana izao.

**Aryannah Harimanana** : tsara be ! tena miasa ny CUA tarihan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana.

**Randriamamonjy Lanto Miangaly** : tsar be, tokony hotokanana tsy ho ela ireo Neny a !

**Tim Frantsa Sampana Montpellier** : tsarabe, tokony hampidirina amin'ny toy izao avokoa ireo mpivarotra amoron-dalana dia ho voavaha ny olan'izy ireo, hilaminana ny fifamoivoizana.

**Laurence Rakotomamonjy** : Miezaka ho tsara hatrany ny CUA, fa ny saina lomorina no mandoto ny tanàna.

**Chantal Rahamelison** : tsara kosa zao, tokony mbola hitarina hatrany Soarano sy Behoririka.

**Andry Marodera** : ny Jamba ihany no tsy mahita an'io, mankasitraka ny CUA.

## TONONKALO

## Jiolahy no mbola tiana hakarina ?

Misy ve ny kandida arovana sy omena vahana ?
Tsy voatohina mihitsy fa omena fahafahana ,
Fahafahana hanangoly sy hividy ireo mpifidy
Ka mizarazara vola sy fitaovan-tsarobidy ?

Dia mitazantazam-potsiny iretsy manam-pahefana,
Nefa dia tsy miery intsony irony fandikan-dalàna,
Toy ny fividianana olona , fanambazana ny adala.
Fahanginana no misy na fodiana miala bala !

Izay ve ilay fifidianana efa tena mba nomanina ?
Izany ve `nareo mpisehatra no milaza ho matihanina ?
Dimy taona hoy `nareo no efa tena niketrehana
Nefa lisi-pifidianana petatoko sy ankamehana !

... Aoka kely ireo vahoaka tsy hofitahina intsony,
Fa hajao ny fahafahany dia tandrovy koa ny zony.
Aza asiana fifidianana raha ny mbola hokendrena
Dia ny hamerina jiolahy hitantana ny firenena !

**DADAN'i ZINA (29-09-18)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, nanatrika ny fetim-pirenena Sinoa tetsy Nanisana omaly.





Ny hetsika nataon'ny FOKOTIM Ambatomaro ny sabotsy teo.





## Sakafo Ny Valosoa



Baranjely nendasina mikarepoka indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany, laoka tsy misy hena. Zavatra ilaina : baranjely, ravina "basilic", fraomazy efa voakiky, atody, lafarinina, « chapelure », menaka, saosy voatabia, sira sy dipoavatra. Fomba fikarakarana azy : tetehina boribory ny baranjely dia asiana sira ary avela hipetraka kely aloha. Apetraka eo ambony taratasy mitroka rano no tena mety ary fafana mihitsy rehefa tena hikarakara azy. Tetehina ny « basilic ». Afangaro ny fraomazy sy ny atody iray. Apetraka eo ambonin'ireo baranjely ireo fangaro ireo ka rakofana baranjely eo amboniny. Aorian'izay dia ampidirina ao anaty vata fampangatsiahana mandritra ny ora iray. Araraka ao anaty lovia jobo tsirairay ny lafarinina, ny atody sy ny « chapelure ». Rehefa tena hanendy dia arotsaka tsirairay ao anatin'ireo akora ireo ny baranjely, ka atomboka any amin'ny lafarinina izany. Hafanaina ny menaka ka endasina ny baranjely. Tsy atao may be loatra. Tsihifina eo ambony taratasy mitroka menaka. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny soa azo avy amin'ny jus karaoty



Manatsara ny fahitana, mampatanjaka, manome hery, manadio ny taova anaty sy mampihiratra ny hodi-tava ny jus karaoty.

Zavatra ilaina: karaoty 4, ranomboasarimakirana , ravina solila 2 na 3. Ankoatry ny otrikaina A dia miantoka ny sokajy B1, B6 ary K ihany koa ity « jus » ity.

Voasary 1, Voasarimakirana1, karoty 200g

Mety tsara amin'ny olona mampiasa herim-batana betsaka ity « jus » ity noho izy mitondra otrikaina A, C, B1, B3, B6, magnésium, cuivre, zinc, manganèse, fer ary calcium.

Voasary 1, mananasy ¼, karaoty 2. Sahaza ho an'ny olona rera-dava sy manao asa saina be, izy ity satria mitondra otrikaina A, C, B1, B6 ary K. Ireo rehetra ireo dia azo asiana tantely na siramamy kely hanatsarana ny tsirony. Ny maraina no tena tsara hisotroana azy ary ezaho izay fatra holaninao eo no ho eo ihany no karakaraina fa tsy atao mialon'andro. Aza adino koa fa mila sasana tsara ny karoty satria tokony tsy ho voasana izy rehefa hitoto azy amin'ny milina ianao. Raha tsy manana io fitaovana manokana io dia azo atao ny mikiky azy madinika ary atao amin'ny lamba madio avy eo, ahazoana ny ranony. Tsarovy fa tena mahasoa ny zaza mitombo, ny olona mampiasa solosaina ary ny rera-dava ny karaoty.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Bealanana any amin'ny faritra Sofia

Ny tanànan'i Bealanana any amin'ny faritra Sofia indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Ny tsimihety sy ny sihanaka no foko tena hita any Bealanana, saingy hita any avokoa ny mponina avy amin'ny lafivalon'i Madagasikara. Faritra anisan'ny mpamoka-bary eto amin'ny Nosy i Bealanana. Ny voankazo hita any dia ny voasary, ny mananasy, ny akondro, ny goavy. Misy ny antsoina hoe banjabe ao afovoan-tanàna, na toeramalalaka fanaovana lanonana, indrindra ny lanonana ara-panjakana. Mbola tsy misy lalana voarakotra tara amin'ity tanàna ity, amin'ny vanim-potoana maina dia mamovoka ny tanàna, amin'ny vanim-potoanan'ny orana dia mamotaka.



## Matio 19: 13-15

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 30 septambra 2018

***Matio 19: 13-15 "Ary tamin'izany dia nisy zazakely nentina teo amin'i Jesosy mba hametrahany ny tànany sy hivavahany ho azy; fa ny mpianany niteny mafy ireny. Nefa Jesosy kosa nanao hoe: Avelao ny zaza, ary aza rarâna tsy hanatona Ahy; fa an'ny toa azy ny fanjakan'ny lanitra. Ary nony nametraka ny tànany taminy Izy, dia niala teo."***

Ry mponin'ny tany o! Ry olombelona noforoniko o! Ry Fiangonana o! Ry mpino isan-karazany o! Ry mpanompoko tsy an-kanavaka! Tsy tiako tsy ho fantatrareo ny marina ary ny marina hanafaka anareo tsy ho andevo. Ny fahotana sy ny tsy fahalalana no manandevo anareo olona fa tsy fantatrareo ary ny tsy fahalalana no mahadiso hevitra. Indro efa nosoritako JEHOVAH teo aminareo ny fizaram-potoana ambany masoandro. Izao no atao hoe "ANDRO FARANY" izao no amerenako amin'ny laoniny ny zava-drehetra. Nanomboka teo amin'ny andron'i JESOSY sy ny andron'i JAONA Mpanao Batisa dia nohavaoziko ny zava-drehetra mba hahatanteraka ny TENY FIKASANA dia ny amin'ny FAMONJENA. Nanomboka teo dia tokony ho efa natao izany ASA izany fa anisan'ny FANJAKAN'NY LANITRA. Ny fahavitanareo ny ASA sy ny fankatoavanareo ny TENIKO no atao hoe FANJAKAN'NY LANITRA. Hitanareo amin'izany lazaiko JEHOVAH izany ny FAHAMARINANA!!! ka izao : izay efa mahalala misaotra anao AHO, izay mangetaheta mandrosoa fa momba anao AHO, izay miziriziry amin'ny heviny ny FANAHIKO anie hamangy azy ireny, izay tsy mino mbola mamindra fo aminareo JESOSY sy ny fitiavany ka mba hararaoty ihany. Ho anareo tsy mahalala mihitsy, izao antso sy fampianarana ary fanambarana avy AMIKO JEHOVAH izao anie hamaha ny geja sy ny fatorana tsy ahitanareo ny VONINAHITRO. Ho anareo izay efa vitan'izany ASAM-PAMONJENA izany, mbola maro ary tena betsaka mihitsy no tsy mahalala ny dikany, misy koa ny mirehareha fotsiny, ao ny manava-tena, betsaka ny tsy ahitana izay takiana sy tadiavina aminy fa be fombafomba. Aoka ny fomban'ny FANJAKANA no hisaloranareo amin'izany teny hoe : BATISA izany, io no takiana raha te-hiditra ao amin'izany FANJAKAN'NY LANITRA izany ianareo. Tao Jodia sy Jerosalema no natomboka ny Batisa ary ireo mponina rehetra nanamorona an'i Jordana. Misy fifankatiavana ao amin'izay vita Batisa ary ahitana firaisan-tsaina ary fiombonana tsy tokony ho rava, ***Asan'ny Apostoly 2: 41-47***, indrindra moa fa raha azonareo tsara izay lazain'ny FANAHY MASINA aminareo. Aoka tsy ho hadinonareo fa rehefa nitory ny Apostoly ny amin'ny FANJAKAKO sy ny amin'i JESOSY dia natao Batisa avokoa na lahy na vavy satria ny FAMONJENA dia tsy an-kanavaka, ***Asan'ny Apostoly 8: 12-13*** *"Ary rehefa nino an'i Filipo nitory ny teny soa mahafaly ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra sy ny anaran'i Jesosy Kristy ireo, dia natao batisa avokoa na lahy na vavy. Ary Simona koa mba nino; ary rehefa natao batisa izy, dia nanaraka an'i Filipo. Ary talanjona izy, raha nahita ny famantarana sy ny asa lehibe izay natao."*. Fantatrareo ve ny tantaran'i Saoly izay novaina hoe Paoly. Izy ilay lehilahy fatra-panenjika izay nino an'i JESOSY ka nanompo AZY. Izy ilay lehilahy nifofo famonoana sy fandrahonana ny mpianatra. Sahin'i Saoly mihitsy ny nangataka taratasy tamin'ny mpisoronabe hankanesany any amin'ny synagoga any Damaskosy mba ho entina mifatotra any izay mandray sy mino ny fampianarana, Vakio ***Asan'ny Apostoly 9: 1-17***. Ny niafarany??? Asan'ny apostoly 9: 18 : ary niaraka tamin'izay dia nisy zavatra toy ny kiran'ny hazandrano niala avy tamin'ny masony, dia nahiratra izy ka nitsangana dia natao Batisa ary dia nihinan-kanina izy ka natanjaka. Hitanareo amin'izany fa na i Saoly aza tsy afaka nanao ny asany raha tsy nibebaka ka natao Batisa satria namindra fo taminy JESOSY ILAY nenjehiny. Ka tandremo ry olombelona fa mahajamba ara-panahy ny fanenjehana ireny mpanompoko ireny. Afaka mibebaka raha nanao izany ianareo, jereo i Saoly e, tonga Paoly. Te hiteny aminareo AHO JEHOVAH hoe : maharingana ny tsy fankatoavana. Aoka ho fantatrareo fa ny Zanak'Israely anie ka natao Batisa tamin'ny Fanahy sy ny rano e! I Korintiana 10: 1-12 *"Fa tsy tiako tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, fa ny razantsika rehetra dia tambanin'ny rahona, ary izy rehetra namaky ny ranomasina, ary izy rehetra dia natao batisa ho amin'i Mosesy tao amin'ny rahona sy ny ranomasina, ary izy rehetra nihinana ny fihinam-panahy iray ihany, ary izy rehetra nisotro ny fisotrom-panahy iray ihany; fa nisotro tamin'ny vatolampy fanahy izay nanaraka azy izy, ary Kristy izany vatolampy izany. Nefa ny ankabiazany dia tsy sitrak'Andriamanitra, fa naringana tany an-efitra.Ary izany zavatra izany dia tonga anatra ho antsika, mba tsy ho mpila zava-dratsy isika toy ny nilan'ireny. Ary aoka tsy ho mpanompo sampy ianareo tahaka ny sasany amin'ireny, araka ny voasoratra hoe: Ny olona nipetraka hihinana sy hisotro, dia nitsangana hilalao. Ary aoka tsy hijangajanga isika tahaka ny sasany tamin'ireny, ka telo arivo amby roa alina no ringana indray andro. Ary aoka tsy haka fanahy ny Tompo isika, tahaka ny nakan'ny sasany tamin'ireny fanahy Azy, ka matin'ny menarana ireny. Ary aoka tsy himonomonona ianareo tahaka ny sasany tamin'ireny, izay matin'ny mpandringana. Ary izany dia nanjo azy mba ho anatra, sady voasoratra izany ho fananarana antsika izay niharan'ny faran'izao tontolo izao. Koa izay manao azy fa efa mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina, fandrao ho lavo."* Rankizy mananatra anareo ka aza atao zava-poana e! Tandremo ndrao dia miray tetika toa an'i Ananiasy sy Safira ka ringana ary maro no efa ringana ny fanahiny na dia velona miriaria eny aza, ***Asan'ny apostoly 5: 1-11***. Ny dikan'izany rehetra izany dia izao : BATISA = Fananganana ao anaty fa manana an'i JESOSY, afaka tamin'ny fahotana, novonjeny, manaraka sy manompo AZY mandra-pisehony eny amin'ny rahon'ny lanitra ary manao ny sitrapoko JEHOVAH irery. Mbola hitohy amin'ireo dingan'ny Batisa.

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook :
Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## SAMBAVA

# Tovolahy iray maty tao anaty «violon», nitory ny fianakaviany

Judicael Ramasy no anarany, tovolahy vao 32 taona, raimpianakaviana, voasambotr'andiana Zandary izay sendra nanao fisafoana ny alin'ny alakamisy 20 septambra kiaka zoma, tao amin'ny Fokontany Ambatofitatra, Kaominina Ambonivohitra Sambava faritra Sava. Araka ny voalazan'ny fianakaviany dia tsy olon-dratsy ary tsy dahalo izany i Judicael, fa noho ny fisotroan-toaka nataony tamin'io alina voatondro io no mety nahavariana azy ka tara fodiana. Ny zoma 21 septambra maraina rahateo dia tonga nitsidika azy teny amin'ny tobin'ny Zandary ireto havany ka nandritra izany no nilazana tamin'izy ireo mba hikarakara sakafo ho azy. Tamin'ny 04 ora hariva rehefa nanatitra ny sakafo taminy izy ireo dia mbola afaka nahita azy soa amantsara, ary mbola afaka nisakafo ara-dalàna i Judicael tamin'izany. Tsy nifatotra tamin'ny rojo vy izy no tsy nahitana ratra teny amin'ny vatany. Ny sabotsy marainan'iny dia mbola nanatitra sakafo sy lamba fitafy ihany koa ny fianakavina, kanefa efa tsy navela niseho tamin'izy ireo intsony i Judicael, ary ny lamba maloto efa tsy nomena ireto fianakaviana ireto, araky ny fintantaran'izy ireo. "Akory ny hatairanay raha nahita ny fahatongavan'ny lehibeny Zandary, ny alahady 23 septambra tokony ho tamin'ny 06 ora maraina, nampilaza ny fahafatesan'i Judicael tamindRandriamanana Pierre, izay rahalahin'Itompokolahy, izay havanay notazonina tamin'ny 'violon' ity!", hoy ireto fianakaviana ireto. "Tonga eto izahay hampilaza aminao fa maty ny rahalahinao. Izahay dia andeha hikarakara sy hiantso ny mpitsabo fa ianareo no mikarakara ny fiara hitondrana ny razana avy eny amin'ny 'violon'-n'ny zandary", hoy ny lehiben'ny Zandary tamin'i Randriamanana Pierre, izay rahalahin'i Judicael araka ny voalaza etsy ambony. Tsara ho marihina ihany koa fa tsy nahazo niditra tao amin'ny toby zandary mba haka ny fatin'ny havany ny fianakaviana, fa ny fiara sy ny mpamily ihany no nampandrosoana. Nony tonga tany ambanivohitra, Ambodimanga Antotokana, Kaominina Antanambao, Distrika Antalaha, toerana fiavian' Itompokolahy, ka raha iny mba hanao fombandrazana, hampiseky ny Razana iny ny fianakaviana manamanjo, dia akory ny hagagana nahita fa mangana ny tao andamosina sy teo amin'ny tratrany, ary nilatsaka ny lakatom-bazana, mbola vaky ihany koa ny lohany ary tsy nisy lamba fitafy fa norakofana tsihy fotsiny,... ny Razana ! Teo no raikitra ny savorovoro sy hatezerana tamin'ny fianakaviana. Tsy hanaiky izao zava-miseho izao isika hoy izy ireo, ndeha hitady fanazavana feno any amin'ny zandary isika. Inona marina no antony namonoana ny havanay izay tsy dahalo fa olona namo fotsiny dia tratrany 'couvre feu', kanefa niafara tamin'ny fandatsahan-drany tao amin'ny Zandary Sambava izao? Iza ihany koa no 'garde' tamin'io alakamisy hariva izay nisamborana azy io sy ny zoma ary ny asabotsy izay voatondro ho nahafaty azy? Aiza ihany koa ny lamba fitafin'i Judicael izay tsy nomena izahay fianakaviana intsony hatramin'izao na ilay maloto izany na ilay madio nomena azy farany? Ireo no fanontaniana napetrak'ireto fianakavina mana-manjo ireto ho an'ny Zandary any Sambava. Misy vola 200.000 Ariary nomen'ny Commandant Brigade Zandary eto Sambava, kanefa tsy noeken'ny fianakaviana ny hampiasana izany ary mbola tsy nokitihina na nampiasaina hatramin'izao io vola io. "Mitaky ny marina ny antony namonoana ny havanay izahay, Iza no namono azy ?", hoy ireto fianakaviana ireto. "Tsy manana fitokisana amin' ny mpitandro filaminana izay manao ny operation Mandio ity izahay ary mangataka ny mangaraharaha amin'ity raharaha ity ka nametraka fitoriana any amin'ny Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Zandarimariam-pirenena Malagasy any Antanarivo izahay", hoy ihany ireto fianakavina ireto. Toy izao kosa ny fanazavana azo teo anivon'ny Zandarimariam-pirenena. "Vao maraina ny alahady raha iny handeha hijery ireo voatazona tao amin'ny «violon» izahay dia efa nitsirara tamin'ny tany i Judicael ary mbola tratra nitaingina teo ambony ny voafonja iray izay avy tao amin'ny Fokontany Soavinandriana kaominina Sambava, ka tombanana fa ireo samy voafonja no nifamono tao, ka amin'izao dia efa nanao ny fanadihadiana izahay eny hatramin'ny garde nandritra io fotoana io, fa ny sisa andrasanay dia ny avy amin'ny fianakaviana ary vonona handray ny fitorianan'izy ireo izahay raha hametraka fitoriana izy ireo", hoy ny commandant Zandarimaria Rivo Rakotovao. "Momba ny vola 200.000 Ar tao anaty valopy kosa dia amin'ny maha olombelona dia izaho manokana no nandray an-tanana ho fanampiana ny fianakaviana hitondrana ny Razana ary niantoka ny vatam-paty ihany koa", hoy ihany ity lehiben'ny Zandary any amin'ny Faritra Sava ity namarana ny teniny. Hatreto aloha, tsy manana fitokisana amin'ny Zandary ny fianakaviana raha tsy mipoitra ny marina satria efa tranga faharoa niseho tany Sambava ity tranga ity, taorian'ilay dahalo efa teo ampelatan'izy ireo nefa votsotra ary hita faty andro vitsy taorianan'ny nahavotsorany azy, Zandary iray no voarohirohy tamin'izany. Tonga indray ity loza manaraka ity. Dia ho matimaty foana ve ny havanay izay tratra nandeha alina nandritra "couvre feu" tao anaty hamamoana?, hoy izy ireo. Na inona na inona no lazaina, hoy ny havan'ity maty ity, dia namono olona tsy nanantsiny ny "Operation Mandio" any amin'ny Faritra Sava, izay nataon'ny Zandary. Itompokolahy Ramasy Pierre Judicael dia teraka tamin'ny 30 oktobra 1986 tao Antalaha, manambady, mananjanaka, namela mananotena sy kamboty roa mirahalahy izay vao 05 sy 07 taona monja.



*Ilay lehilahy maty tao amin'ny "violon" tany Sambava.*

***Ny Valosoa***

BAREA- GUINÉE EQUATORIALE

## Ireo handrafitra ny ekipam-pirenena Malagasy

Afaka andro vitsivitsy no ho tanterahana any Malabo renivohitr'i Guinée Equatoriale, ny lalao baolina kitra eo amin'ny Barean'i Madagasikara sy i Guinée Equatoriale amin'ny fifanintsanana amin'ny Can 2019 hatao any Cameroun. Ireto avy ireo mpilalao Malagasy nantsoina hatreto, ary efa namaly fa ho avy.



Ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny baolina kitra.

Ny mpiandry tsatoby dia i Dabo sy Leda. Vodilaharana : Debakely, T. Fontaine, J. Mombris, Bapasy, Toby, Mario, R. Metanire. Afovoan'ny kianja : i Amada, Marco, Zotsara, Rayan, Dax. Mpanafika : Bôlida, Paulin, Njiva, Carolus, Rinjala, F. Ima, ary W. Gros. I Rayan Raveloson no ho vaovao vao tonga ao amin'ny Barean'i Madagasikara. Efa eo am-baravaran'ny dingan'ny famaranan'ny Can 2019 isika Malagasy ankehitriny. Fantaro fa raha mandresy an'i Guinée Equatoriale mandroso sy miverina isika dia ho tafita, azo ny tapakila an'i Madagasikara mankany Cameroun, ho sambany izany eo amin'ny tantaran'ny baolina kitra Malagasy.

**Lita**

Gideôna Iraisam-pirenena

## Nizara baiboly ho an'ny mpiasan'ny Boriboritany faha-3



Ireo mpiasan'ny Boriboritany faha-3 nahazo baiboly.

Nosantarina tamin'ny fizarana baiboly « testamenta vaovao » ny herinandron'ny mpiasa rehetra ao amin'ny Boriboritany fahatelo Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), etsy Antaninandro omaly maraina, izay nozarain'ny Fikambanana Mpandraraha Kristianina na ny « GIDEONS International » (Gideôna Iraisam-pirenena). Izy ireo dia tafaradia mba hifarimbona sy hiara-miasa ao anatin'ny firenena miisa 180 ka anisan'izany i Madagasikara, eo amin'ny fanaparitahana ny soratra masina. Sehatra maro samihafa no anomezany izao baiboly izao toy ny toeram-piasana, hopitaly,fonja , miaramila,hotely, toeram-pianarana, sy ny maro hafa… Ny anton'izao fizarana baiboly izao dia mba ho fampielezana ny filazantsara amin'ny olona rehetra mba hahatongavan' izy ireo amin'ny fahafantarana an'i Jesoa Kristy ary mila hapetraka amin' Andriamanitra ny fiainana eo amin'ny sehatrin'ny asa, hoy izy ireo nandritra ny fizarana. Arak'izany dia nankasitraka azy ireo ny solontenan'ny mpiasan'ny Boriboritany fahatelo tamin' ireo fanomezana baiboly maimaimpoana, vita amin'ny teny malagasy , anglisy ary Alemà.

**Aly**

### Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety sy ny mpamaky azy izao lahatsoratra manaraka izao. Pour la Bonne règle dia mangataka anareo namaky ny lahatsoratra tao amin'ny lettre de l'Océan Indien du 3 septembre 2018 izay milaza ny accord de partage sy contrat d'exploration de pétrole dans le "Belo " profond " any Sud Ouest entre l'Etat Malgache et la Compagnie américaine d'origine Brésilienne CNBTWE, le 1 septembre 2015 ,( partie malgache Juan de Nova ). Efa nisy 300 millions de dollars d'avance sur production efa tokony ho azo début 2017 tao amin'ny Trésor public ka nankaiza ? Ary ahoana tsy nisy appel d'offres tamin'ny Omnis , ingahy Barinjaka sy Mr Joely ministre des mines tamin'izany no nanao Sonia ny MOU( memory out of standing), ary ny gouvernement Mahafaly no namoaka ny décret d'approbation ny contrat d'exploration en conseil des ministres en octobre 2016 , tsy misy miteny an'io na ny gouvernement frantsay na isika malagasy , izay no mahatonga ahy nanao an'iny fanambarany iny il y a 2 jours dans les "nouvelles sy Taratra " tompoko fa aza matory ianareo , raha mila dossier dia antsoy ny tenako eto amin'ny 0340532120 na ny candidat José Andrianoelison.

**Franck Ramarosaona**

## SARIITATRA: Mpanangana ny narodan'ny sasany i Dada




Boriboritany faha-4 (CUA)

## Nitohy nanampy ireo traboina may trano teny Anosibe Andrefana

Nitohy ny fanampiana ireo tra-boina miisa 274, izay niharan'ny haitrano teny Anosibe Andrefana faharoa ny 24 aogositra lasa teo, ao amin'ny Boriboritany faha-4, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Raha tsiahivina dia trano biriky miisa 8 sy trano hazo miisa 24 no may kilan'ny afo tamin'izany. Nanampy ara-tsakafo ny boriboritany faha- efatra tamin'izany, ka vary 2 gony sy voamaina 25 kg no nomena azy ireo ny andro voalohany. Vary 6 gony kosa no nomena azy ireo ny andro manaraka. Tamin'ny sabotsy lasa teo ireo tra-boina ireo no niala teo amin'ny toerana izay nametrahana azy, tao amin'ny sekolin'ny FJKM Ziona, ka nody any amin'ny fianakaviany. Tsy nijery an'izy ireo tamin'izao fotsiny anefa ny boriboritany faha- efatra fa mbola nanome vatsindalana vary 2 gony sy paty 1 baoritra, mba ho fanampiana azy ireo hatrany. Omaly alatsinainy koa dia tonga teny amin'ny sekoly FJKM Ziona Fahazavana ny ekipan'ny DSH ao amin'ny CUA , nanondraka fanafody ny toerana izay nonenan'ireo tra-boina , satria efa hiditra hianatra ny mpianatra.

**Aly**



Mananjary

## Trano 400 latsaka kilan'ny afo, olona 1000 mahery tsy manankialofana

Nanao sesilany ny haitrano tao Mananjary faritra Vatovavy Fitovinany, nandritra iny volana septabra iny. Ny alin'ny faha-31 septambra tokony ho tamin'ny 9 ora alina , trano 400 latsaka no nairamay kilan'ny afo tao Ankadirano sy Masindrano, tsy nisy noraisina avokoa ny fanaka tao amin'ireo trano may ireo. Nanampy trotraka ny fitsokan'ny rivotra, ny trano rahateo koa vita amin'ny akora misy any an-toerana dia mora mandray afo dia ny falafa na rapaka ary tafo raty. Raha ny fitantaran'ny nanatri-maso dia jiro kapoaka nianjera tamin'ny trano iray no niavian'ny afo, ka niparitaka. Niezaka namono ny afo ny fokonolona sy ny mpamonjy voina avy ao amin'ny fikambanana Fanantenana fa tsy nahatohitra ny firedaredan'ny afo, izay naharitra ora roa mahery. Hatramin'izao, tsy mbola nisy tompon'andraiki-panjakana tonga nitsidika ireo traboina afa-tsy ny lehiben'ny distrika sy ny eo anivon'ny kaominina Mananjary ihany. Izy ireo ihany koa no nikarakara ny fampiantranoana vonjy maika ireo traboina any amin'ny toerana afaka nandraisana azy ireo toy ny: tranompokonolona , tranombakoka, lakilasy. Andrasana ny fijeren'ny fanjakana ireto traboina ireto, izay tsy misy hohanina sy ho rakofana.

**Serge**



Ny haitrano mahatsiravina nitranga tany Mananjary.

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**29/09/18 hatramin'ny 06/10/18**

- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/ 032 24 705 51

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 821-10-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ORINASA TIKO

## Miverina manangona ny vokatra mananasin'ny tantsaha

Miha-mitombo hatrany ny karazam-bokatra vokarin'ny orinasa Tiko amin'izao fotoana, ankoatra ireo yaourt, frômazy, ranomboankazo misy entona, ranovelona olympiko,... miroso amin'ny famokarana ranomboankazo natoraly vita avy amin'ny mananasy koa ity orinasa ity ankehitriny. Noho izay antony izay, faly ny tantsaha satria miverina misy manangona indray ny vokatra mananasy vokarin'izy ireo, vokatra Malagasy, sady tsara no mahasalama. Nandritra izay 9 taona nisian'ny fanonganam-panjakana izay, simba fotsiny ny vokatra mananasin'ny tantsaha, na namidy varo boba, satria tsy nisy orinasa nanangona, ka faly tokoa ireo mpamokatra ity voankazo ity ankehitriny satria mba ho amin' ny vidiny ho azo ihorirana ny ho vidin'izany vokatra izany ho raisin'ny orinasa Tiko.

*Aly*

Boriboritany faha-4 (CUA)

## Nitsangatsangana teny amin'ny Pk 22, RN 1, ny AUE

Nitsangatsangana teny amin'ny PK 22, RN1 (lalampirenena voalohany), ny fikambanana mpitantana rano, AUE (Association des Usagers de l'Eau), izay miisa 184 ao anivon'ny boriboritany faha-efatra, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny zoma lasa teo. Ankoatrin'ny fakana rivotra sy ny korana teny an-toerana, dia nisy ihany koa ny fifanakalozan-kevitra sy fampitana vaovao, izay narahina ady hevitra momban'ny loza voajanahary, ka ny ekipan'ny GRC (Gestion des Risques et Catastrophes), sy ny Méteo no nampita izany. Nisy araka izany ny fampitana ireo fepetra rehetra, sy ny fisorohana ary ny fiatrehana ny loza voajanahary, ary efa miomana amin'izany ny Boriboritany faha-4.

*Aly*



Antsirabe voalohany

## Nianoka fialamboly nandritra ny telo andro ireo ankizy


Ny fiarovana ny zon'ny ankizy no tanjona iombonan'ireo fiarahamonim-pirenena miisa 28 mivondrona ao anatin'ny tambazotra Oscape: « Organisation de la Société civile d'Antsirabe pour l'enfance ». Nandritra ny hateloana, ny 26 hatramin'ny 28 septambra 2018 lasa teo, dia nanomana lalao ho an'ny rehetra na «Sport pour tous » izy ireo, ka maro ireo taranjam-panatanjahantena nanaovana ny fifaninanana toy ny baolina kitra ho an'ny olona 7, basket, ny tsipy kanetibe teo ihany koa ireo lalao samihafa toy ny kanety, tsipy fingotra, toraka kapoaka, chasse au trésor, ny katro, ny fanorona , ny puzzle ary ny echec. Ankoatran'ny fihaonana ara-panatanjahantena dia nisy ihany koa ny fifaninanana ara-kolotoraly. Araka ny nambaran-dRamatoakely Razanajaona Manovosoa, Mpandrindra ny réseau Oscape dia ny fampianarana ireo ankizy hiaina ao anaty fitisipika no zava-dehibe tamin'ny fihaonana rehetra, maro amin'ireo ankizy mantsy rehefa milalao dia milalao fotsiny ihany fa tsy arahina fitsipika izy ireny. Ny firaisankina eo amin'ny samy fikambanana na ONG ihany koa dia zava-dehibe teto satria samy manana ny mahasamihafa azy izy ireny. Tonga nanokatra sy nanome voninahitra izao lalao ho an'ny rehetra izao ny avy ao amin'ny fobem-paritry ny mponina, ny foibem-paritry ny rano sy ny fidiovana, ny avy ao amin'ny Faritra Vakinankaratra ary Ramatoa Préfet-n'Antsirabe. Nandritra ny fandraisam-pitenenana ireo manam-pahefana dia samy namporisika ny hetsika tahaka izao ho an'ireo ankizy satria manampy eo amin'ny fanabeazana sy ny fampianarana ny ankizy ny hetsika no sady ihany koa nampivondrona ny ankizy tsy ho variana amin'ny lalao samirery, izay mitady ahazo vahana ankehitriny. Nahavariana ny maro teto ny fifampizarana ny hetsika "diabolo" nataon'ireo ankizy avy ao amin'ny zaza mendrika. Teo amin'ny kianjaben'ny Star Ambaniandrefana no nanatontosana ny hetsika nandritra ny hateloana ireo, feno dia feno arak'izany ny fandaharam-potoana tamin'izany.

*Lezama*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 254**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0253)

***Mitsivalana***
- Mpanao
- Roa (Miv) – Rova
- Iry – Ol
- Nialoha
- Atrika
- Risoris(o)
- Bà – Atody (Miv)

***Mitsangana***
- Maina
- Poritra
- Ariary
- Lisy
- Dokotra (Miv)
- OO – Haro
- Voa – Ti (Miv)
- Hay – Osa

## TENY MIFANARAKA N° 254




**Mitsivalana**

**1.** Fananganana **2.** Iry, tia – Andro maizina **3.** Fito andro **4.** Ala, esotra – Betsaka (Miv) **5.** Foto-tsakafo **6.** Fiderana amin'ny fanomezana (BL) 7. Kianteny – Marina – Tapitra (Miv) **8.** Feo miverina – Nodimandry **9.** Faran-teny – Vazon-kira samihafa (Miv) – Ohatra **10.** Asitrikay

**Mitsangana**

**A.** Firaisam-pianakaviana, fifankatiavana **B.** Aroso – Firinga (Miv) **D.** Nanavy **E.** Hehy (Miv) – Anaty rano **F.** Mampitovy ny korana sy fiderana – Jamoka **G.** Maharitra – Mitempo – Hery sy tanjaka (BR) **H.** Natoky – Maina tsy misy rano **I.** Anio **J.** Hatsiaka – Faran-teny **K.** Biby

### Valiny Teny mifanaraka 0253

**Mitsivalana**

1 Marenina 2. Inona ? - Valy (Miv) 3. Ta - Indrisy 4. Anarana 5. Nanao - Anay (Miv) 6. Amy - Vy - If 7. Kianja 8. Eny (Miv) - Naaty 9. Aoka - Naot(y) 10. Fy - Laona

**Mitsangana**

A. Mitomany B. Ana - Ma (Miv) - Nay D. Ro - Anikeo E. Enina - Ka F. Naaovana G. DR - Ina H. Niray - Jona I. Alina - Atao J. Asany - (T)ion(a) K. Ivy - Afo - Ta

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny filoha Ravalomanana nihaona tamin'ireo diaspora tany Paris ny sabotsy teo.**

















